

"Indro, Izaho maniraka anareo ho tahaka ny ondry ao ampoovan'ny amboadia; koa hendre tahaka ny menarana, ary morà tahaka ny voromailala" Matio 10:16

MATOAN-DAHATSORATRA

"Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita."

Heb. 11:1



ANDRIANASOLO Jaona

Miarahaba anao mpamaky hajaina indray. Manoloana ireo zava-misy, izay heverin'ny maro ho tena sarotra, eto amin'ny firenentsika amin'izao, dia re etsy sy eroa ny fitakiana ho amin'ny fiovana, indrindra ny fiovany toe-tsaina. Hijanona ho faniriana masina sy taratasy maty ihany anefa izany raha tsy mampiseho ny lalana hizorana isika Kristiana. Ny hahatonga ny tsirairay ahatsiaro-tena nohon'ny faharatsiany, ka hibebaka sy hanatona an'Andriamanitra amin'ny finoana an'i Jesosy, ary hatao batisa ka ho isan'ny Fiangonana izy - ary izany rehetra izany dia nohon'ny asan'ny Fanahy Masina - no hany lalana toriantsika amin'ny zanak'ity firenena ity. Ho hitantsika ato ny fivelaran'ny asa, na ara-jeografia, na ara-tsehatr'asa, tao anatin'izay volana vitsivitsy izay, anjara-biriky entintsika miatrika izany asa lehibe izany. Isaorana ny Tompo Jesosy!

FANDAHARANA AMIN'NY FAMPIDAZAM-PEO

Mahakasika ny tontolom-piainana andavan'andro ny lohahevitra nodinihana

Mandrakariva dia laharam-pahamehana eo amin'ny programan'asan'ny Fanjakana iray ny "Ady amin'ny kolikoly". Tsapa mantsy fa dia anjakan'io kolikoly io avokoa ny sehatra maro samihafa; ary ny kolikoly dia fositra iray mamotika ny firenena. Niompana indrindra tamin'izany ny lohahevitra ny fandaharana "Henoy ny Feony" izay nokarakarain'ny Feon'ny Filazantsara ary novelabelarina tamin'ny volana May sy Jolay 2014 teo: "Ny kolikoly sy ny fiainana kristiana: ny hiatrehana sy ny hiadiana aminy"; izay notohizana tamin'ny lohahevitra manaraka: "Ny vola sy ny harena, ahoana hoy ny Baiboly? Ny tokony toerany eo amin'ny kristiana". Toy ny mahazatra dia sokajin'olona maro no nandray anjara naneho ny heviny tamin'ny famelabelarana: tano-ra, ray aman-dreny, Katekista ary Pastora na Mpitandrina. Ady amin'ny fahalovana ny ady amin'ny kolikoly koa samy nanantitra ny rehetra fa ratsy

izy noho "izy" mamadika ny fahamarinana ary misy fiantraikany ratsy amin'ny olona izay manao azy sy ny fiarahamonina ary mipaka amin'ny firenena izany. Voalaza ihany koa fa ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra. "Fa ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra, koa ny sasany izay fatra-pitady izany dia efa voavily niala tamin'ny finoana ka nanindrona ny tenany tamin'ny alahelo be" (1Tim.6:10). Samihafa ny hiafaran'ny olona manao ny vola sy ny harena ho andriamaniny sy izay manompo an'Andriamanitra. Hoy Jesosy: "Sambatra izay mitandrina ny mety ka manao ny marina mandrakariva" (Salamo 106:3). Araka ny voalazan'ny Baiboly ary dia izay manana an'i Jesosy ireny ihany no manana ny fahamarinana sy ny harena maharitra mandrakizay, tsy mety lo. Marihina fa ireo lohahevitra ireo dia vokatra ny fanadihadihana natao tamin'ireo mpihaino marobe ny volana Septambra 2013.■



Fanaovan-tsonia FF-Radio Université Toliara sy Radio Fahazavana Mahajanga

Ho hitanao ato

- p. 1 **Fandaharana amin'ny fampielezam-peo:** Mahakasika ny tontolom-piainana andavan'andro ny lohahevitra nodinihana
- p. 1 **Tanan-dehibe dimy sy ny manodidina azy no andefasana ny fandaharana "Henoy ny Feony" amin'izao**
- p. 2 **Miezaka mampahafantatra hatrany:** Fanamafisana sy fanohizana ny fiaraha-miasa
- p. 2 **Nanolotra bokikely kristiana ho vakian'ireo olona manatona ny "Dentisterie" ny FF**
- p. 2 **Iray ihany ny fikendrena: hitombo, hiorina amin'ny finoana ary hizara ny Tenin'Andriamanitra amin'ny hafa**
- p. 2 **Boatin-drakitra ezaka fampitaovana hajia :** Fiaraha-mientana ho fampandrosoana ny asan'Andriamanitra
- p. 3 **Programa ho an'ny tanora :** Sekoly "Les 5 Ruches" Tanjombato
- p. 3 **Mivelatra ny fitoriana ny Filazantsara eny amin'ny Sekoly ambony**
- p. 3 **Horonan-tsarimihetsika :** Fitaovana mahomby entina hampitana ny hafatry ny Soratra Masina
- p. 4 **Vatsim-panahy :** "Sambatra izay tsy nahita nefa nino"
- p. 4 **Fianarana Soratra Masina Ifandraisana :** Dingana maro no lalovana hahalavorary ny asa
- p. 4 **Fonja Antanimora :** Mijery ny maha olona manontolo ny FF

Tanan-dehibe dimy sy ny manodidina azy no andefasana ny fandaharana "Henoy ny Feony" amin'izao

Araka ny vinavina ao amin'ny fandaharan'asan'ny Feon'ny Filazantsara amin'ity taom-piasana 2014-2015 ity dia kasaina halefa any amin'ny faritra hafa eto Madagasikara ny fandefasana amin'ny radio ny fandaharana "Henoy ny feony". Vita soamantsara tamin'ny 15 jolay teo tany Toliara ny fanaovan-tsonia ny fifanarahana amin'ny Radio Université FM 91.4 any an-toerana, sy ny Feon'ny Filazantsara. Ny 14 Aogositra lasa teo kosa no natao tany Mahajanga ny fanaovan-tsonia ny fifanarahana tamin'ny Radio Fahazavana FM 88.6 any an-toerana. Nanomboka

ny 06 Aogositra 2014 no nandeha ny fandaharana any Toliara ary ny 01 Septambra 2014 kosa ny any Mahajanga. Toliara indray izany izao no tanàna fahaefatra ary Mahajanga no fahadimy andefasana ny fandaharana "Henoy ny feony" taorian'Antananarivo sy Toamasina ary Antsirabe. Marihana fa misy hatrany mpiara-miasa an-tsitrano amin'ny Feon'ny Filazantsara izay solontenan'ny Feon'ny Filazantsara sy tompon'andraikitra voalohany any an-toerana, manara-maso ny fandefasana ny fandaharana.■

Fanamafisana sy fanohizana ny fiaraha-miasa

Efa taona maro no nanomboka ny fiaraha-miasa ny feon'ny Filazantsara (FF) sy ny FJKM Iharamy Fihavaozana (SPAA 12). Rtoa Ratsimandisa Zo H. moa no nitandrina ny Fianganana hatramin'izay fiaraha-miasa nisy izay. Noho ny fanendrena azy amin'ny asa Fanompoana vaovao dia Rtoa R Fanja, Mpitandrina no misolo toerana azy amin'izao fotoana izao. Koa ho fanamafisana sy ho fanohizana ny fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta, ny Alahady 14 Septambra 2014 teo no nihaonana tamin'ny raïamandreny Mpitandrina vaovao ny solon-tenan'ny FF. Izany moa no natao dia ho fanamafisana sy ho fanohizana ny fiaraha-miasa ary noararotina koa ny fotoana nantantana sy namporisihana ireo kristiana hazoto amin'ny fandalinana ny Tenin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fampianarana Soratra Masina

Fandraisana (Cours Biblique par Correspondance) atolotry ny FF Nifanandrify indrindra tamin'ny Alahadin'ny Sampanasa Asa Fitoriana ny Filazantsara (AFF) moa izany koa dia zava-dehibe ny

nahafahana nampahery ny tsirairay amin'ny maha zava-dehibe ny fitoriana ny Filazantsara. Nisaotra noho ny amin'ny asan'ny FF Ramatoa mpitandrina ary faly ny amin'ny fitohizana ny fiaraha-miasa. ■



Tsy mitsahatra ny mamporisika ireo kristiana handalina ny Tenin'Andriamanitra



Rtoa Fanja R Mpitandrina sy Rtoa Sahondra volontaire FF

Nanolotra bokikely kristiana ho vakian'ireo olona manatona ny "Dentisterie" ny Feon'ny Filazantsara (FF)

Tonga manatona mivantana an'ireo izay liana sy maniry ny hiara-miasa aminy ny FF. Anisan'ny programan'asan'ny FF ny fananganana biblioteka izay hanolorana boky literatiora kristiana amin'ny Ivontoerana maro toy ny Fianganana, Sekoly, Fikambanana. Ny tanjona amin'izany moa dia ny hahafahana manome torolalana mahaso sy mam-pita ny Tenin'Andriamanitra hanampy ny olona mpamaky hiatrika ireo olona eo amin'ny andavan'androm-piainany. Tsy nijanona ho amin'ireo mpiara-miasa amin'ny Ivontoerana mahazatra ny

fanomezana ireo boky kristiana tamin'ity indray mitoraka ity fa dia niitatra tamin'ny "Dentisterie" eny Andohatampenaka izay iandraiketan'ny Dokotera RASOAFARA Marthe (Chirurgien-Dentiste). Faly ny roa tonta satria samy maniry ny hitondra ny anjara birikiny amin'ny fampaherezana sy fitarihana ireo olona manatona ireny tobim-pit-saboana ireny, ka hametrahany ny aretiny rehetra eo amin'i Jesosy, amin'ny famakiana ireo boky. Dia "Mba ho lohany amin'ny zavatra rehetra Jesosy Kristy" (Kol 1:18b). ■

Iray ihany ny fikendrena: hitombo, hiorina amin'ny finoana ary hizara ny Tenin'Andriamanitra amin'ny hafa

Tamin'ny alalan'ny fihaonana isan-toerana tamin'ireo raïamandreny Pastora sy Mpitandrina amin'ny Fianganana dia tsapa tokoa fa dia samy resy lahatra ny rehetra, ka tokony hifanomezantana ny fampandrosoana ny Asa Fitoriana ny Filazantsara. Iray ihany mantsy ny fikendrena dia ny hitarihana olona maro ho ao amin'ny Fianganana, ny hitombohan'izy ireo amin'ny Finoana ka ho tafatoetra amin'izany finoany izany. Ary tsy hijanona hatreo fa hazoto hizara koa ny Tenin'Andriamanitra amin'ny hafa. Andriamanitra irery ihany no omem-boninahitra amin'ny fivelaran'ny asa. ■



Ireo bokikely kristiana



Samy liana namaky na ny Dokotera mpitsabo na ireo hitsabo nify



Fiaraha-miasa vaovao miaraka @ Mpitandrina FJKM Ambohimasimbola Fitiavana

Boatin-drakitra: ezaka fampitaovana hajia

Fiaraha-mientana: ho fampandrosoana ny asan'Andriamanitra

Tiana ny mampahatsiahy fa mba ho fampandrosoana ny ambaindain'ny Fanjakan'Andriamanitra; ny Feon'ny Filazantsara dia manolotra maimaim-poana ireo sehatr'asa vokariny ho an'ireo mpiara-miasa aminy izay tsy mitsaha-mitombo (Fianganana, Sekoly, Oniversite, olona tsirairay) manerana ny Nosy. Mba hahafahana manohy izany asa lehibe izany, toy ny famezivezena ny Fampianarana Soratra Masina, ny fifandraisana maro samihafa amin'ny alalan'ny paositra dia miezaka hatrany koa ny eto amin'ny Foibe FF mitady loharanom-bola, hanampiana izay eo ampelantanana. Koa tapaka fa hisy "boatin-drakitra" hozaraina amin'izay vonona handray anjara amin'izany, hanomezany izay foiny ho fampitaovana hajia. Hanganina isaky ny telo volana izy io, (Desambra 2014-Martsa 2015-May 2015) koa ny mpiasa eto amin'ny Foibe no hisantatra izany, avy eo manentana ireo

mpiara-miasa an-tsitrabo na olon-tsotra. Koa ho antsika izay maniry handray anjara amin'izany dia afaka manatona ny Foibe FF. Am-pitiavana sahady no andriananay ny fanohanana am-bavaka sy nyt olo-tanana entinao am-pifaliana.

"Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray" Asa 20:35b. ■



Santiona amin'ireo boatin-drakitra



Fihaonana teny amin'ny FLM Anosibe Fampiraiana (Volontaire FF, Past. Andrianatoandro Léon, Staff FF)

Sekoly "Les 5 Ruches" Tanjombato

Raha tsiahivina fohy, dia nanomboka tamin' iny taom-pianarana 2013/2014 iny ny fiaraha-miasan'ny Feon'ny Filazantsara (FF) sy ny Sekoly "Les Cinq Ruches". Tanjona ny hitomboan'ireo ankizy beazina ho amin'ny fahendrena tovozina avy ao amin'ny Soratra Masina fa tsy amin'ny fahalalàna ihany. Marihina fa nanaraka ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana vokarin'ny FF avokoa ireo mpianatra isaky ny kilasy. Ho famaranana ny

taom-pianarana 2013/2014 àry dia nisy fiarahana nijery horonan-tsarimihetsika mitondra ny lohate-ny hoe: "Ilay Nosy miafina".

Ny hafatra nentina ho an'ireo mpianatra alohan'ny hisarahana moa dia nikasika indrindra ny voka-dratsin'ny fialonana izay miteraka ny fankahalàna sy ny tsy fitiava-namana. Hitohy hatrany amin'ny taom-pianarana vaovao moa ny fiarahamiasa. ■



Nandray anjara mavitrika tamin'ny ffampizarana ny hafatra ireo mpianatra



Nankafy ary dia nanaraka tsara ny horonantsary (Sekoly «Les Cinq Ruches»)

Mivelatra ny fitoriana ny Filazantsara eny amin'ny Sekoly ambony

Mivelatra hatrany ny fiaraha-miasan'ny Feon'ny Filazantsara (FF) sy ny Sekoly Ambony tsy miakina. Nanomboka tamin'ity taona ity dia nisokatra tamin'ny ISPPS any Toliary sy eto Antananarivo, Sekoly ambony izay manofana mpi-tsabo mpanampy sy mpampivelona (Paramédicaux) ary ny INSPNMAD izay mamoka mpianatra ho "Paramédicaux sy Polytechniciens" ny fiaraha-miasa. Nisy noho izany ny fanazavàna sy fanentanana mivantana mikasika ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana (Cours Biblique par Correspondance) sy ireo boky Literatiora kristiana vokarin'ny FF tamin'ireo mpianatra ao amin'ireo Sekoly ambony ireo. Na dia tsy mahazatra ireo mpianatra aza ny fidiran'ny Fampianarana Soratra Masina any an-tSekoly dia maro ireo liana ary maniry ny hiroso amin'izany. Marihina fa ireo Literatiora kristiana dia nomena ho fampitaovana ny bibliothèques ao amin'ny Sekoly mba ahafahan'ny rehetra mandray ny toro-

lalana sy Tenin'Andriamanitra izay manampy amin'ny fiatrehana ny olana eo amin'ny fiainana andavan'andro. Ankoatra ireo Sekoly ambony tsy miankina moa dia efa anisan'ny mpiara-miasa amin'ny FF ny Département Médecine Vétérinaire mampely ny asa Fitoriana eny anivon'ny Oniversite. ■



Ireo mpianatra sy mpanabe teny amin'ny Sekoly Ambony INSPNMAD



Ireo mpianatra teny amin'ny Sekoly ambony ISPPS

Fitaovana mahomby entina hampitana ny hafatry ny Soratra Masina

Manana anjara toerana lehibe eo amin'ny programan'ny Feon'ny Filazantsara (FF) ny fiarahamiasa amin'ny Fiangonana, anisan'izany ny fandraisan'anjara amin'ireny fotoan-dehibe karakarin'ny Fiangonana ireny. Teo ohatra ny 06-07-08 Jona 2014 izay nankalazana ny Isantaona faha 21 n'ny Tobimpifohazana Fiadanana Ambohijanaka Fiaferana, miray amin'ny Tobilehibe Ankaramalaza, ao amin'ny Fileovana Tsarahonenana (FLM), SPAnta. Ny Alahady 03 Aogositra 2014 kosa dia nanamarika ny iray volan'ny Vondrona Fototra Laika (VFL) ny FJKM Ambohimadana Fanilo SPAA 11. Ho valin'ny fanasan'izy ireo àry dia nanana anjara tamin'ny fandaharam-potoana ny Feon'ny Filazantsara. Ny Zoma 06 Jona 2014 no nanatanteraka ny Fandefasana horonan-tsarimihetsika teny amin'ny Tobimpifohazana Fiadanana Fiaferana ary ny Alahady tolak'andro ny teny amin'ny FJKM Ambohimadana Fanilo. Ny horonan-tsarimihetsika mitondra ny lohate-ny "Dian'ny mpivahiny" no nentin'ireo solon-tenan'ny FF nampitana ny hafatry ny Soratra Masina. Hafatra izay naneho indrindra ny fizotry ny fiainana kristiana izay feno ady, nefa rehefa nanaiky sy niaina ny Tenin'Andriamanitra izy, dia nahatratra ny tanjona nokendreny, dia ilay fiainana mandrakizay izany. Isaorana Andriamanitra, fa maro ireo olona tonga namaly ny antso nandritry ireo fotoana roa ireo. Nahaliana sy nahafinaritra ireo mpivory ihany koa moa ny fandaharana ary dia naneho ny faniriany izy ireo ny hitohizan'ny fiaraha-miasa hatrany. ■



Natomboka tamin'ny fiaraha-mivavaka ny fijerena ny horonan-tsarimihetsika (FLM Toby Fiaferana)



Nanatrika ny fotoana ny raiamandreny Mpitandrina sy ny Filohan'ny VFL (FJKM Ambohimadana Fanilo)

Hoentina am-bavaka manokana

- Ny Asa Fitoriana eny amin'ny Fonja
- Ny fiaraha-miasa amin'ny Sekoly/Oniversite
- Ny fiantraikan'ny Seminera 'Fampitaovana ny olona masina'
- Ny fiorenam-pinoan'ny kristiana
- Ny fiainam-pirenena

Vatsim-panahy

Sambatra izay tsy nahita nefa nino

"Hoy Jesosy tamin'y: Satria nahita Ahy hianao, dia nino; sambatra kosa izay tsy nahita, nefa nino" Jaona 20:29

Jesosy efa nitsangana tamin'ny maty, ary tamin'ny fisehoany faharoa tamin'ny mpianany, izay nandrindrim-baravarana noho ny tahotra ny jiosy, no konteksta misy io teniny io (Jao. 20:26-29). Teo no name-renany indray tamin'ny mpianany ny teny hoe: "Fiadanana ho anareo."

Tsiahivina fa valo andro talohan'io dia efa niseho voalohany tamin'izy ireo Jesosy. Rehefa nahita Azy izy dia teraka tao anatin'ny fialiana (Jao. 20:20), izay mitory fa nino ireo mpianatra izay nanatri-maso teo. Velona indray ny fanantenana fa tsy ho irery izy ireo ary eo ny Tompo, tsy voaidy tany am-pasana fa indro nitsangana eo afovoany. Faly ny mpianatra. Fa i Tomasy izay tsy mba teo tamin'io fisehoana voalohany io, dia tsy nino.

Eto ary dia nasain'i Jesosy notsapainy ny olatra tamin'ny tanany sy tamin'ny lanivoany, ary dia niaiky i Tomasy fa ny Tompo io. "Tompoko sy Andriamanitra!", hoy izy.

Fantatr'i Jesosy ny Tompo ny maha olombelona ny mpianatra, ka navelany notsapaina mihitsy ny olatra teo amin'ny tenany. Mila zavatra tsapain-tanana mandrakariva sy marika hita maso isika olombelona vao mino. Izany indrindra no nanomezany antsika ny Tenin'Andriamanitra, izay hita maso ary azontsika vakiana, mba hitarika antsika ho amin'ny finoana Azy: "Ny finoana dia avy amin'ny tori-teny, ary ny tori-teny kosa avy amin'ny tenin'i Kristy." (Rom. 10:17). Dia nomeny antsika koa ny sakramenta masina, indrindra ny Fanasan'ny Tompo, izay marika hita maso hahazoany manatrika antsika, ary mba ho velona mandrakariva eo amintsika izy. Didin'ny Tompo ny handraisantsika izany. Didiny koa ny hinoantsika Azy : "... ary aza ho isan'izay tsy mino, fa minoa." (Jao. 20:27)

Ny filazantsara ary no mitondra antsika amin'ny finoana fa handray antsika Andriamanitra Ray raha miverina aminy indray isika. Izao koa anefa: tsy nahita maso an'i Jesosy isika, fa ny fifankazarantsika amin'ny Tenin'Andriamanitra no miteraka sy mampiorina ny finoana ao anatintsika. "Satria nahita Ahy hianao, dia nino; sambatra kosa izay tsy nahita nefa nino." Hoy Jesosy tamin'i Tomasy.

Isika koa, na dia tsy nahita ny Tompo aza, dia sambatra isika raha mino Azy, noho ny Teniny. Sambatra ny olona mino amin'

FIANARANA SORATRA MASINA IFANDRAISANA

Dingana maro no lalovana hahalavorary ny asa

"Dinihonareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara ahy" Jaona 5:39

Raha tsiahivina fohy dia ny "Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana" na ny "Cours Biblique par Correspondance" no programan'asa voalohany novokarin'ny FF ny taona 2000 izay vao nivelatra tamin'ireo sehatr'asa hafa. Nandritra izay 14 taona lasa izay àry dia azo ambara fa tsy mitsaha-mitombo ireo olona resy lahatra miroso amin'ny fandalinana ny Tenin'Andriamanitra mba hitombo amin'ny fahalalàna tsara an'i Jesosy Kristy Tompo. Hatramin'ny volana Desambra 2013 dia efa mitontaly eo ho eo amin'ny 31 750 ireo olona nisoratra anarana nanaraka ny fampianarana. Ho an'ny Foibe FF dia miara-misalahy ny "staff sy ny


volontaires" eo amin'ny fandavorariana ny asa, manomboka amin'ny: fanentanana amin'ny alalan'ny onjam-peo, gazety an-tsoratra, Internet, fitsidiana Sekoly sy Fiangonana ka hatramin'ny alalan'ireo "volontaires" mielim-patrana manerana ny Nosy; fandraisana ireo Adina, fitsaràna izany; fandraiketana ny mombamomba ny mpianatra sy ny naotiny amin'ny "base de données" ary ny famerenana ny Adina voatsara any amin'ireo mpianatra. Ny tena mahafaly ary isaorana an'Andriamanitra dia ahitana ireo sokajin-taona rehetra ireo resy lahatra ka miroso amin'ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra. ■



1- Fanentanana



2- Fandraisana ireo adina tonga



3- Alaina ireo adina ho tsaraina



4- Fitsarana ny adina



5- Atao «saisie» ny naotiny ny mpianatra



6- Manomana ny lesona alefa manaraka sy ny diplaoma



7- Averina any amin'ny mpianatra ny adina vita fitsarana

FONJABEN'ANTANIMORA

Mijery ny maha olona manontolo ny "FF"

Mpiara-miasa an-tsitrabo fito mianadahy (avy eto amin'ny Foibe FF, FLM ary FJKM) no miandraikitra ny asa Fitoriana eny amin'ny Fonjaben'Antanimora nanomboka ny volana Septambra 2014 raha valo mianadahy izy ireo teo aloha. Azo sokajiana telo ny endriky ny asa sahanin'izy ireo eny an-toerana: fotoam-bavaka fohy sy toriteny, ary fanentanana ireo voafonja hianatra sy handalina ny Tenin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana (FSMI) atolotry ny FF. Ny eo ami-

n'ny lafiny maha nofo ny olona moa dia fanoomezana sakafo izay iarahana amin'ireo Fikambanana hafa. Araka ny efa voalaza tamin'ny Gazety Ako Laharana faha 13 dia nanomboka tamin'ny taona 2013 no nivelatra tamin'ny lafiny fifaninanana ara-panatanjahan-tena (baolina kitra) ny fiaraha-miasa.

Amin'ity taona ity dia nanomboka ny 22 Septambra 2014 ka hatramin'ny 15 Oktobra 2014 indray no hanatanterahana izany. Toy ny teo aloha dia hisy loka hozaraina amin'ireo voafonja mpandry anjara. Marihina fa mandritra ny lalao fifanitsanana rehetra dia hisy hatrany fanentanana ireo voafonja mpijery ny lalao (izay heverina ho maro amin'ity taona ity) ny mba hirosoan'izy ireo amin'ny Fianarana ny Tenin'Andriamanitra (FSMI). Ny fikendrena sy ny antenaina dia ny hitomboan'ireo voafonja amin'ny lafiny ara-panahy fa tsy ny ara-batana ihany; ary ny mba hirosoan'izy ireo amin'ny Fianarana ny Tenin'Andriamanitra (FSMI). ■

Pastora Rudolph P. Norden

R Lalao - Jaona Martin